# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Aogositra 2018

**1** **Alarobia**
aogositra

**„Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra". Izany no didy lehibe sady voalohany.**
Matio 22. 37, 38

### Ilay fahotana lehibe indrindra

— Mba te handeha hanao misionera aho, hoy ity tovolahy iray tamin'ny evanjelista Torrey.

— Kristiana ve ianao ? hoy i Torrey nanontany azy.

— Efa hatramin'izay.

— Fa efa nateraka indray ve ianao, toy izay notadiavin'i Jesosy tamin'i Nikodemosy ?

Gaga dia gaga ilay tovolahy. Nefa fanontaniana tena fototra io. Takatr'i Torrey fa tokony hanontany lalindalina kokoa izy.

— Efa tonga tao an-tsainao ve ny eritreritra hoe mety ho meloka nanao ilay fahotana lehibe indrindra hain'ny olombelona atao ianao ?

— Tsia dia tsia, nanana fiainana mendrika aho. Tsy mpamono olona aho !

Dia navoakan'i Torrey ny Baiboliny, ka nangatahiny ilay zatovo mba hamaky ireo andinin-tSoratra Masina erỳ ambony. Dia hoy izy avy eo :

— Satria ny ho tia an'Andriamanitra amin'ny fo sy fanahy ary saina manontolo no didy voalohany sady lehibe indrindra, inona izany no fahotana lehibe indrindra ?

— Ny mandika io didy io.

— Nitandrina io didy io ve ianao ? Nitia an'Andriamanitra amin'ny fonao sy fanahinao ary herinao manontolo ve ianao ? Nomenao Azy ve ny toerana voalohany eo amin'ny fiainanao, amin'ny lafiny rehetra ?

— Tena lavitra izany aho. Noho izany dia meloka aho...

Nifoha ny fieritreretan'lay zatovo. Lasa fisainana izy, namaly hoe :

— Efa nanao ny fahotana lehibe indrindra aho. Ary androany aho no sambany mahatsapa izany.